FSBM

**Fédération Sport Boules Malagasy**

Siège Social: LOGT 76 Antanambao - 67Ha Sud, Antananarivo 101 - Madagascar

Tél. : (261) 33 14 314 75 ~ E-mail : madagascar@fipjp.com

www.fsbmalagasy.org

Antananarivo, faha 18 Mey 2024

# FAMPITAM-BAOVAO

Manoloana ireo toe-javatra maro nifamahofaho tamin'ny tontolon'ny taranja tsipy kanetibe teto Madagasikara, ny mpitantana eto anivon'ny FSBM dia faly mampahafantatra ny malagasy tsy vaky volo ireto teboka manaraka ireto :

Voalohany indrindra, ny fanafahana ny sazy nianjady tamin'ny federasiona dia efa manan-kery tanteraka. Araka izany dia nahazo fanasana i Madagasikara handray anjara amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny taranja tsipy kanetibe izay hotontosana any « Dijon » Frantsa ny 5 ka hatramin'ny 8 desambra 2024 ho avy izao. Manana hatramin'ny faha 30 ny volana jona 2024 isika hahafahantsika mamaly na handray anjara amin'izany isika na tsia. Marihina anefa fa raha misafidy ny handray anjara isika ka tsy mahatanteraka izany dia mety hahazoantsika sazy indray izany. Efa eo am-pijerena ny lalana rehetra hahafahantsika manatontosa izany ny Federasiona ankehitriny.

Etsy andanin'izay, ny Fitaleavana Teknika Nasionaly (DTN) dia nomena anjara asa manokana mba hifantina ireo mpilalao mendrika, izay hinoana fa hitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara amin'ny alalan'ny fahazoana medaly maro amin'ireo lalao iraisam-pirenena maro isan-karazany. Ireo mpilalao dia hofantenana araka ireo isa izay azony mandritra ireo fifaninanam-pirenena rehetra. Ireo mpandresy amin'ny fiadiana ny amboara sy tompondakan'i Madagasikara (ho an'olon-telo miaraka, ho an'olon-droa na ho an'olon-tokana) dia tafiditra avy hatrany anatin'ny fampivondronana.

Mikasika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika amin'ity taona 2024 ity dia tsy afaka ny handray anjara isika Malagasy noho ny antony ara-taratasy. Izany dia noho ny fahatomoran'ny fotoana nanambarana ny fanalana ny sazintsika sy ny daty hanatanterahana io lalao io.Tsy ampy araka izany ny fotoana nahafahana nikarakara ireo fazahoan-dalana rehetra mba hamonjena izany fifaninana izany. Koa satria efa voaasan'ny Federasiona iraisam-pirenena (FIPJP) hanatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany isika,dia ny mba hahatontosa izany amin'ny antsakany sy andavany no himasoan'ny mpitantana eto anivon'ny FSBM manomboka ankehitriny.

Momba ny fifaninana « Masters 2024 », am-pifaliana ihany koa ny ilazana fa nahavoaray fanasana avy amin'ny mpikarakara isika Malagasy mba handray anjara amin'izany. Hahafahana manantontosa izany dia hisy ny fampivondronana izay hokarakarain'ny DTN amin'ny herinandro ho avy izao. Raha ny zavatra takian'ny mpikarakara moa dia ireo izay efa nahazo vokatra teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena no anisan'ny tokony handrafitra ny ekipa tsirairay avy amin'izany. Araka izay dia andraikitry ny FSBM ny hiantso ireo mpilalao rehetra izay voakasik'izany miampy ireo izay efa nahazo vokatra tsara tanatin'izao taom-pilalaovana diavintsika izao. Ireo izany no hiditra anaty fampivondronana azahoana mamoaka ireo mpilalao 4 handrafitra ny ekipam-pirenena malagasy hiatrika ny « Masters 2024 ».

Mikasika ireo fifaninanana iraisam-pirenena mitety faritra ao Frantsa, mandritra izao andro mafana any an-toerana izao, dia nomen'ny Federasiona iraisam-pirenena sy ny Federasiona frantsay alalana ihany koa isika malagasy ny handray anjara amin'izany. Ny fandraisana anjara anefa dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra maro apetraky ny mpikarakara izay tsy maintsy hampahafantarina ny mpisehatra rehetra amin'ny fotoana manaraka. Ireto avy ireo afaka handrafitra ny ekipa hisolo tena an'i Madagasikara amin'izany :

- Ny ekipa tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka
- Ny ekipa tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-droa miaraka
- Ny tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-tokana
- Ny ekipa tompon'ny amboaran'i Madagasikara
- Ny ekipa nanatrika ny « Masters »
- Ary ny mpilalao 3 voalohany izay nahazo isa betsaka nandritra ny fifaninanam-pirenena.

Ao anatin'izany dia hisy ny fanaraha-maso manokana hataon'ny mpitondra fanjakana frantsay miaraka amin'ireo federasiona roa tonta (FIPJP sy FFPJP), ka ireo ekipa izay hivahiny any an-toerana dia tsy maintsy manaraka ireo fitsipika maro voatondro, anisan'izany ny tsy maintsy hiverenana aty an-tanindrazana mialoha ny fahataperan'ny « visas » natokana ho amin'izany. Mifandraika amin'izany ihany koa dia hisy ny fandinihana manokana hataon'ny FSBM mikasika ireo mpilalao zazavavy.

Ankoatr'izay, ny DTN dia hanaramaso amin'ny antsimpirihany ny fivoaran'ireo mpilalao malagasy any ivelany, ka hijery ny vokatra azon'izy ireo mandritra ireo lalao isan-karazany tontosainy any amin'ny toerana misy azy avy. Izany no hatao dia mba hahazoany mameno ny antontan'isa eo am-pelatanany hahafahany mifantina izay mpilalao tena mendrika hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany.

Ny Federasiona Malagasy ny Taranja Tsipy Kanetibe